**A Ny tafio-drivotry ny fiainana**

- Tsy zava-baovao ho an'i Petera, Andrea, Jakoba ary Jaona, izay mpanarato za-draharaha, ny fiampitana ny Ranomasin'i Galilia amin'ny misasak'alina, na dia ao anatin'ny tafio-drivotra aza.
- Saingy, nanafotra azy ireo ny tafiotra. Nampiakatra ny alondrano ny rivotra, dia nameno rano ny sambo ka notandindomin-doza ny ain'izy ireo. Tonga saina tampoka izy... Aiza i Jesosy? Matory ve? Nahoana no tsy manampy antsika Izy? Tsy miraharaha izay manjo antsika ve Izy? (Marka 4:35-38).
- Mandalo tafiotra isika eo amin'ny fiainantsika. Mangataka fanampiana amin'i Jesosy isika, nefa toa matory Izy. Tsy mahatsapa ny fanatrehany isika. Eo anefa Izy.
- Miandry ny fotoana hitenenana mafy ny tafiotra misy antsika: "Mangina, mitsahara" (Marka 4:39). Miahy antsika Izy (1 Petera 5:7). Afaka mampitony ny tafiotra eo amintsika Izy. Aza adino ny midera Azy rehefa manao izany Izy (Marka 4:40-41).

**B Aretina**

- Narary nandeha ra nandritra ny roa ambin'ny folo taona nefa tsy nahita dokotera afaka nanasitrana azy ity vehivavy ity, ka lany fananana sy tsy nanana fanantenana intsony (Marka 5:25-26). Ankehitriny, misy firenena izay tsy maimaim-poana ny fitsaboana, ka mbola tena zava-misy iainana io tantara io.
- Na ahoana na ahoana, dia mety miatrika toe-javatra izay mangeja sy manepotra ny aretina isika, nefa tsy mahita fanamaivanana.
- Hitan'ilay vehivavy teo amin'i Jesosy ny vahaolana, ary ny finoany no namonjy azy (Marka 5:27–29).
- Tsy maintsy matoky isika fa afaka mampiasa dokotera mahay i Jesosy hanasitrana antsika, na koa hanao fahagagana amintsika.
- Na ahoana na ahoana, dia manasa antsika hametraka eo Aminy ny enta-mavesatsika sy ny fanahiantsika rehetra i Jesosy (Mat. 11:28-30).

**D Loza**

- Nanova tanteraka ny fiainan'i Joba ny ady, herisetra, ary loza voajanahary (Joba 1:13-19). Isika rehetra dia tratran'ny loza, na voajanahary izany na vokatry ny faharatsiana manjaka eto amin'izao tontolo izao.
- Ahoana no hataontsika? Nanao ahoana ny fihetsik'i Joba?
  - Tsy nanome tsiny an'Andriamanitra izy sady tsy nanda Azy
  - Nifikitra taminy tamin'ny heriny rehetra izy
  - Natoky izy na dia tao anatin'ny fotoana maizina indrindra aza
  - Nihevitra ny hoavy be voninahitra izy (Job 19:25-27)
- Raha tsy kivy isika, dia ho hitantsika fa na dia ao anatin'ny fitsapana mafy indrindra aza dia eo foana Andriamanitra. Tia antsika izy ary mampahery antsika mba hanovo hery avy amin'ny fahalemena, ny herim-po amin'ny fahakiviana, ary ny fanantenana amin'ny loza (Joela 3:10; Rom. 5:3-5).
- Raha mandalo fotoan-tsarotra ianao dia hevero fa ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fiahian'Andriamanitra anao no zavatra azo antoka sy maharitra indrindra eo amin'ny fiainanao.

**E Fahadisoam-panantenana**

- Ny fanantenana: Jesosy no Ilay Mesia hanavotra ny Isiraely. Ny zava-misy: maty Izy (Lioka 24:18-21). Lehibe loatra ny fahadisoam-panantenany ka sarotra ho azy ireo ny hanaiky na dia ny porofo mazava indrindra ny amin'ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty aza (Lio. 24:22-24).
- Tamim-paharetana no nanampian'i Jesosy azy ireo hanana fanantenana indray. Farany dia "nahiratra ny mason'ireo" (Lioka 24:31), ka nihazakazaka hampahery ireo izay mbola diso fanantenana (Lioka 24:32–35; 2 Korintiana 1:4). Inona no azontsika ianarana avy amin'ny fanandraman'izy ireo?
  - Tsy tokony hamela ny fisalasalana hamaka ao an-tsaintsika isika
  - Miara-mandeha amitsika ao anatin'ny fahadisoam-panantenana i Jesosy
  - Handamina ny fahasahiranantsika Izy, raha avelantsika hanao izany
  - Jesosy no mahafantatra tsara kokoa ny tena zava-misy noho isika

**F Mahita an'i Jesosy**

- Raha tao anatin'ny fahakiviana lalina i Ellen G. White, dia nahazo fahitana izay nahitany an'i Jesosy.
- Takany avy hatrany fa fantany avokoa ireo toe-javatra teo amin'ny fiainany. Tamin'ny fotoana iray, dia nametraka ny tanany teo amin'ny lohany i Jesosy, ka niteny taminy hoe: "Aza matahotra".
- Nahita voninahitra lehibe izy, ka nahatsapa ho teo amin'ny toerana azo antoka sy feno fiadanan'ny lanitra.
- Nanome fanantenana sy finoana ho azy io nofy io, ary ny fahazoana antoka fa afaka mitoky amin'Andriamanitra izy.